



TENY
MALAGASY

Fanazavana ara-baiboly:
«Inty aho tamy, Tompo, mba hanao ny sitrakao»
p. 2

Aim-panahy monfortana:
VOAIRAKA
p. 3

Fifampizarana:
Ento ao an-trano i Maria Hiaina ny fiainana Kristianina amin'ny maha-olona nanokan-tena azy
p. 18

Jésus Vivant en Marie

Edition
Malgache



Vaovao:
Ny Fanokanana-tena, ivon'ny fiainan'ny mpianatr'i Kristy
p. 24

Tononkira lah 16 :
Ny herin'ny fifadian-kanina-Tononkira
p. 27

**MISSIONNAIRES
MONTFORTAINS**

Viale dei Monfortani, 65,
00135 Rome – ITALIE

Tél. (+39) 06-30.50.203


E-mail:
rcordium@gmail.com

Entretien :

Fahatongavana ho nofo, Fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan' i Maria ary « Fitoriana ny Evanjelin'ny kolontsaina », Resaka nifanaovana tamin'i

Madre Maria Sponsa Amabilis Araújo Medeiros SSVM

p. 6



Fanazavana ara-baiboly.

«Inty aho tamy, Tompo, mba hanao ny sitrakao»

de Pierrette MIGNÉ



SALAMO 39, 2.4ab, 7-8a.8b-9.10

R/ Inty aho tamy, Tompo, mba hanao ny sitrakao

Niandry ny Tompo aho ka niandry,
niondrika Izy, nihaino talaho,
hira vao no nataony teo am-bavako,
fiderana an'ilay Tompontsika.

Tsy sitrakao ny sorona sy ny fanatitra :
ny sofiko manko nosokafanao.

Tsy misy ilainao mihitsy
izay sorona dorana sy fanonerana ;
Ka hoy aho hoe : Inty aho tamy.

Voasoratra ao amin'ny boky ny momba ahy :
ny manao ny sitrakao no mamiko ;
ny lalànao, ry Tompo,
no ato am-poko.

Ny fahamarinanao, ry Tompo,
notoriko tamin'ny fiangonana ;
ny molotro tsy nakomboko :
fantatrao tsara izany.

+++

Ity salamo ity no salamo fandinihana ao
amin'ny litorjian'ny alahady faharoa
mandavantaona (19 janoary).

Ao amin'ity salamo ity dia miseho ho toy ilay
akaiky antsika Andriamanitra, ilay miondrika
any amin'izay miantso azy, izay manantena

azy ; mampahatsiahy antsika ny tononkira
fiderana nataon'i Maria izany raha nanambara
izy hoe : *notsinjoviny ny fiambanian'ny
mpanompovaviny*. Noho izany, entanina isika
mba hanam-pahatokisana an'Andriamanitra
satria tsy manentsi-tadiny amin'ireo toreontsika
Izy ary miseho toy ilay Andriamanitra
Mpamonjy, izay manafaka antsika amin'ny loza
sy mampijoro antsika ; Izy no ilay vatolampy
izay azoko hianteharana : *notsoahany tamin'ny
lavaka fahaverezana aho, sy tamin'ny fotaka
mandrevo ; najorony tamin'ny vatolampy ny
tongotra, nataony matotra ny diako* (v.3).

Noho ny Tompo niasa tamiko no mahatonga
ny vavako hidera Azy ; fanasàna antsika mba
hahay hankasitraka ireo fahasoavana
arotsak'Andriamanitra ao amin'ny fiainantsika
izany. Mahatoky Andriamanitra, amin'ny
alàlan'ireo zava-bitany tao amin'ny fiainako no
ahafahako manantena Azy sy miantso Azy
rehefa ao anatin'ny fahoriana lalina aho.


Ny andininy manaraka kosa dia milaza indray
amintsika ny toetra marina eo
anatrehan'Andriamanitra, izay andrasany
amintsika : tsy fihetsika maneho fombafomba
fotsiny fa fanolorana ny fiainantsika mihitsy, ny
fiainantsika manontolo. Ho an'ny Mpamonjy
inona moa ny manolotra raha tsy hoe manolo-
tena ! Indro fanasàna iray koa : ny fanaovana
izay sitrak'Andriamanitra amin'ny
andavanandrom-piainantsika mihitsy. Izany no
lesona ampitain'i Mikea mpaminany amintsika :
*manao ahoana no tokony hisehoako
manoloana ny Tompo ? hoy ny vahoaka
manontany. Manao ahoana no tokony
hiondrehako manoloana ilay Avo indrindra ?
Moa va tokony hiseho toy ireny omby dia izay
hatolotra ho sorona ireny aho ? Ry lehilahy,
hoy ny mpaminany namaly azy,
nampahafantarina anao izay mety, izay
andrasan'ny Tompo aminao : tsy inona izany
fa ny fanajàna ny zo, ny fitiavana ny tsy
fivadihana, ary ny fianaranao miroso miaraka
amin'Andriamanitrao. » (Mi 6, 6a.7).*



Tsy sitrakao ny sorona sy ny fanatitra, ny sofiko manko nosokafanao. Ny sofintsika misokatra mba hiaino an'Andriamanitra sy hanaiky ny fanasàny ary hanaraka azy. Ny taratasy ho an'ny Hebrio dia milaza amin'ny vavan'i Kristy ireto teny ireto : Tsy nilainao ny sorona sy ny fanatitra, fa namboatra vatana ho Ahy lanao... ka hoy Aho hoe : Inty aho tonga, hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô ! » (He 10, 5.7).

Mamerina antsika amin'ny Eny nataon'i Maria izany, ilay Eny tsy misy tambiny : aoka ho tanteraka amiko araka ny Teninao. Toetra toy izany no hanentanan'ity salamo ity antsika : **ny mikatsaka izay sitrapon'Andriamanitra ary ny manatanteraka izany.**

Toa an'i Maria àry, tokony tsy hitsahatra ny hitory ny Fitiavan'Andriamanitra isika ; ahoana moa no tsy hizarantsika harena lehibe toy izany !



Izany no misiona miandry, tokony ho tonga misterin'ny famangina avokoa ireo fihaonantsika ! ■

Aim-panahy monfortana:

VOAIRAKA

de M.T. Eleine Magdalena Sengkey

Amin'ny maha « Misionera Apostôlika » azy izay mampanavao ny toky nomen'ny vahoakan'Andriamanitra tamin'ny bateminy eo an-tànan'i Maria Virjiny, dia manana tanjona roa izay azo fintinina amin'ny hevitra iray ihany i Masindahy Montfort : manentana ny olona mba hitombo amin'ny fahamasinana sy ny mankahery azy ireny mba ho tonga apostôly lahika marina eo amin'ny fiaraha-monina. Azo heverina tokoa izany noho ny asan'ny Fanahy Masina sy i Masina Maria izay miara-miasa ao amin'ireo natao batemy.

*Ity andian-dahatsoratra ity dia manohy ny tanjona kendreny: fandalinana ny lohahevitra napetraka tamin'ny volan'ny Misionera tsy ara-potoana ny volana oktobra 2019 lasa teo : « Natao batemy ary voairaka : ny Fiangonan'i Kristy mamita iraka ao amin'izao tontolo izao ». Mbola manan-kery ihany izany amin'izao vanim-potoana izao. Tao amin'ny edisiona nivoaka tamin'ny volana desambra 2019 dia nanampy antsika hamakafaka ny hevitra ny hoe « **natao batemy** » i **Ramatoa Eleine** ; amin'ity volana janoary 2020 ity kosa dia hanazava amintsika ny hevitr'izany hoe « **voairaka** » izany izy amin'ny alàlan'izao lahatsoratra manaraka izao.*

Raha mamaky ireo Evanjely efatra isika dia hahatsikaritra fa ny batemin'i Jesoa dia talohan'ireo asa nataony na ny ministerany. Taorian'ny nanaovana batemy Azy Izy vao niseho tany Galilea mba hanomboka ireo asany am-pahibemaso.

Arak'izany, ny batemin'i Jesoa dia nialoha ny ministerany. Toy izany koa isika, rehefa nandray ny batemy isika dia manaiky ny andraikitra amin'ny maha mpanompon'Andriamanitra antsika ka vonona ny handeha hanatanteraka izay sitrapon'ny Raintsika. Mandray ny batemy isika mba hanompo ireo

mpiara-belona amintsika noho isika tonga mpiara-miasa akaiky amin'Andriamanitra, ho fanitarana ny fanjakany. Ny maha-natao batemy antsika dia tsy manambara fiafaran'ny lalam-piainantsika amin'ny maha zanak'Andriamanitra antsika fa fiandohan'ny fifandra-isantsika akaiky amin'Andriamanitra ho famaliana ny antsony mba hitia Azy sy hanompo Azy. Tsy mba mora izany hoe manompo, na mahafinaritra, fa tsy maintsy mandalo mandrakariva amin'ny fanetren-tena izay manohina ny fitiavan-tenantsika matetika ; izany no mahatonga antsika somary sahirana hanomboka asa fanompoana ! Kanefa manana andraikitra sy adidy isika manoloana an'Andriamanitra ; manome antsika ny fahasoavana ahafahana manatanteraka ampaharetana ny asa maha-vavolombelona antsika isika eo am-pitazomana hatrany ireo toky nomena tamin'ny batemy.

Vonona ve isika hiara-hiasa amin'Andriamanitra sy hitoetra hiaraka Aminy? Izany no fanalahidin'ny famaliana ny antson'Andriamanitra. Tsy ho vonona ny hamaly ny Antsony isika raha toa ka tsy nohavaozina ny fontsika sy ny saintsika ary ny hevitrantsika. Rehefa avy nohavaozina tao amin'ny Fanahy Masina ihany isika no afaka hitodika amin'ny tenantsika sy amin'ny hafa, hanoroka ny fiainan'ity tontolo misy antsika ity, hibanjina an'Andriamanitra mihitsy araka ny sitrany. Tsy maintsy havaozina amin'ny alàlan'ny herin'ny Fanahy Masina isika mba ahafahantsika hiroso ao amin'ny finoana sy hamaly ny antson'Andriamanitra. Izaon tontolo izao dia manome izay hafinaretan'ny nofo ihany, fa Andriamanitra kosa manome izay tsy ho takatry ny fahalalantsika marefo akory na hitan'ny masontsika.

Inona no mahatonga ny hoe maro ireo matahotra hanaraka ny antson'Andriamanitra ? Satria avy hatrany dia ireo fanamby sy izay aterak'izany no tonga ao an-tsaintsika. Ao ireo matahotra satria mihevitra ny tsy hahavita zavatra. Misy ihany koa anefa ireo olona matahotra tsotra izao ny ho very fotoana, very hery, very fahalalàna sy izay fananany. Maro dia maro ireo izay manombana mihitsy izay ho tombontsoany sy faty antokany raha

manompo ; kajikajy no ataony. Ireny karazan'olona ireny dia matahotra ny hamery ny hafinaretany sy ny fahafahany. Araka izany, misy ireo dingam-pinoana izay ilaina harahina mba hamaliana ny antson'Andriamanitra ao anatin'ireo fanapaha-kevitra raisintsika, ireo firosoantsika, ireo hetsika ataontsika ary ireo safidim-piainantsika. Eny ! misy vidiny tokoa izany ! Eny ! ahatsapàna hasambarana ao anaty rehefa manary izay rehetra tsy ilaina ho an'ny fitomboantsika ara-panahy. Sahala amin'izay mivarotra ny fananany rehetra mba handranto voahangy tsara (Mt 13, 45), dia tokony tsy hifikitra amin'ny zava-boaary sy izay vokarin'ny isika mba ahafahantsika mitia an'Andriamanitra amin'ny fontsika manontolo, amin'ny fanahintsika manontolo, amin'ny saintsika manontolo ary amin'ny herintsika manontolo (Mk 12, 30).

Tena fanamby tokoa ny fanarahan-dia an'Andriamanitra kanefa tsy tokony hampatahotra antsika izany satria Izy Andriamanitra mihitsy no manome toky antsika fa homba antsika hatramin'ny fiafaran'ny fotoana rehetra. Hitantsika koa ireo fisedrana rehetra izay tsy maintsy nandalovan'i Jesoa teo amin'ny lalam-piainany hatreny amin'ny hazofijaliana. Tsy eken'izao tontolo izao izany, tsy afaka ny hahalàla izany izy. Noho izany, ho antsika izay maniry ny haharitra ao Aminy, dia sahala amin'ireto ny fanamby izay hiandry antsika : tsy fitovian-kevitra amin'ny mpiara-belona, fanilihana, fanindrahindràna... fandàvana mandrakariva no miverimberina. Fa Andriamanitra ihany dia mampianatra antsika ny hitondra ny hazofijaliantsika mandrapahafatin'ny nofo sy hahazo ny voninahitra avy Aminy ihany.

RAHA MIANTSO ANTSIKA ANDRIAMANITRA, HOMENY ANTSIKA KOA IZAY FAHEFANA ILAINTSIKA

Rehefa miantso sy maniraka Andriamanitra dia manaraka azy ireo sy miahy azy ireo Izy, toy ny nampanantenainy an'i Jeremia tsy hatahotra ireo fahavalo sy mpanenjika, satria Izy, ilay manana ny fahefana rehetra dia momba an'izy ireo. Izany no fampanantenana

nataon'Andriamanitra. Tsy mahatoky izay fampanantenana sy ny tsy fivadihana ary ny fahefan'ny Tompontosika va isika?

Inona moa no nolazain'ny Tompo tamin'i Jeremia mpaminany raha izy nanontany tena iny hoe ho mendrika sy hahavita handray ny antso sy izay iraka omen'Andriamanitra azy ve izy ? Hoy ny Tompo (Jr 1, 7-8) : « *Aza manao hoe : Zaza aho !* » *Fa handeha ho any amin'izay rehetra anirahako anao ianao, ary hilaza izay rehetra handidiako anao. Aza manana izay tahotra akory ianao eo anatrehan'izy ireo, fa momba anao Aho mba hamonjy anao* ». Dia mbola nomen'Andriamanitra fahefana hanongotra sy hanjera, handringana sy handrava, hanorina sy hamboly aza i Jeremia (and. 9-10).

Aoka isika tsy hatahotra momba ny fahafahantsika hanatanteraka ny ministera hiantsoan'Andriamanitra antsika na ny hamaly ihany ny antsony ao amin'ny fiainantsika fa atodiho any Aminy ny masontsika sy ny fontsika, Izy izay manome antsika ny faniriana sy ny fomba hanatanterahana izay mifanaraka amin'ny hevi-pitiavany (Fil 2, 13). Ny anjarantsika dia ny maharitra tsy mivadika Aminy, ny mametraka ny fahatokisantsika Aminy, ny miantehitra Aminy ary ny mifikitra Aminy. Masimbavy Thérèse avy any Lisieux izay nametraka ny tenany mandrakariva toy ny zaza osa sy malemy ary tsy misy mpiaro dia niantoraka teny an-tànan-drainy be fitiavana raha izy nahatsiaro nanota iny. Marina fa osa sy malemy isika, kanefa raha miantehitra amin'ny famindrampon'Andriamanitra tokoa isika dia afaka hahafaly ny fony sy hanatanteraka izay sitrapony.

Mety ho gaga isika raha hahatsapa indray andro any hoe amin'ny fomba manao ahoana no nahafahana nanao zavatra toy izao sy toy izao, ny niteny tamin'ny fomba entitra sy ampahatokisana, kanefa isika feno tahotra sy henatra andavanandro. Sahala amin'i Piera izay natahotra sy nivadika tamin'i Jesoa, kanefa nanana ny faherezana sy ny fahasahiana ihany ny hiaro Azy nanoloana ny fitsaràn'ny Jiosy. **Ny asan'ny Fanahy Masina no manova ny tahotra ho faherezana, ny fahalemena ho hery ary**

ny fahosàna ho fahasahiana ; noho IZY ihany ary ao AMINY ihany.

Raha toa isika ka nofidian'Andriamanitra sy nohamasininy dia hamolavola antsika sy hamatsy antsika amin'izay rehetra ilaintsika izy amin'ny fotoana rehetra. Mila fotoana maharitra ny famolavolana ny mpanompo, fa maharitra amintsika Andriamanitra Ray. Afaka matoky Azy isika amin'ny fanatanterahany hatramin'ny farany izay asa natombony tao amintsika.

Ny ataontsika dia ny miezaka mahalala an'i Jesoa Zanany amin'ny fomba lalina sy manokana ary miaina indrindra, ary ampaniriana mafy ny fisiany eo amin'ny fiainantsika, ny handre ny feony ary ny higoka ny fitiavany sy ny hatsaram-panahiny. Rahefa izany, hanampy izay fahalalàna sy fahefana ilaintsika mba hitantana sy hanoro-làlana ny mpiara-belona amintsika ny Fanahy Masina. Hoy Masindahy Paoly : « *Araka ny nandraisanareo an'i Kristy Jesoa ho Tompo ary, no aoka hanaovanareo fitondran-tena tsara ao Aminy koa : ka hamàka tsara sy hiorina ao Aminy ianareo, hiantehitra amin'ny finoana araka izay efa nampianarina anareo, ary hipololotra fisaorana Azy* ». (Kôl 2, 6-7). Aoka ary isika hifototra sy hiorim-pàka lalina ao amin'i Kristy mandram-pitomboantsika sy hamokarantsika voany hahasarika ny hafa hanatona an'Andriamanitra.

Ny batemy sy ny fanomezana ny fiainana mandrakizay dia anisan'ireo talenta izay tokony hofakafakaintsika tsara ary tsy hodiantsika tsy hita mandrakizay. Adidy ho antsika ny mizara ireny talenta ireny sy ny mampitombo azy mba hitombo hatrany ny olombelona mahafantatra an'i Jesoa sy voavonjy. Aoka hampahatsiavina antsika fa natao batemy mba ho vavolombelon'i Kristy isika. ■



Entretien:

**Fahatongavana ho nofo,
Fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny
alalan 'i Maria ary « Fitoriana ny
Evanjelin'ny kolontsaina »**

**Resaka nifanaovana tamin'i
Madre Maria Sponsa Amabilis Araújo Medeiros SSVM
Mpanolon-tsaina jeneraly**



Harahantsika manaraka izao ny resaka nifanaovana tamin'i Mamera Maria Sponsa Amabilis , Asistente générale, l'Institut Servantes du Seigneur et de la Vierge de Matará (SSVM). Ity fikambanana ity dia anisan'ny fikambanan-dreljiozy ny Teny tonga nofo. Ho an'ny mpikambana ao amin'ity Fikambanana ity ny Fanoloran-tena anisan'ny voady ataony, ankoatra ny voadin'ny fahantrana, fanekena ary fahadiovana izay manentana azy ireo mandritra ny fiainany sy ny asa maha misionera azy ireo.

Mahafantatra an'ity fikambanana ity dia fomba iray ahitana ny endriky ny fahatongavana ho nofo ny herim-po misionera ny Eglizy amin'izao tontolo izao ankehitriny.



Ny fikambanan-reliojiozy misy anareo ahitana sampana lehilahy, l'Institut du Verbe Incarnée (IVE) niorina tamin'ny taona 1984, sy ny sampana vehivavy, l'Institut Servantes du Seigneur et de la Vierge de Matará (SSVM) niorina ny taona 1988. Marina ve fa mitovy ny fanomezan-pahasoavana sy ny fitsipi-pifehezana an'ireo fikambana ireo? Firy ny mpikambana mamorona ny Fianakavian-reliojiozy Verbe Incarné?

Ny fikambananay mitovy aim-panahy satria iray ihany ny filoha Mpanorina anay, ny Rev Mopera Carlos Miguel Buel ary iray ihany ny fanomezam-pahasoavana zarainay dia ny fitoriana ny Evanjelin'ny kolontsaina izany hoe Fanohizana ny Fahatongavan'ny Teny ho Tonga nofo amin'ny endrika rehetra isehoan'ny olona.

Ankoatran' ny fanomezam-pahasoavana manokana ao anatin'ny Eglizy, dia nampianay , singa vitsivitsy izay raisinay ho tsy azo iadian-kevitra « no négociables »

Mitovy tanteraka ny fitsipi-pifehezana mifehy anay, saingy, ny fikambanana 2 dia samy hafa ary mahaleo tena ara-panjakana : Instituto del “ Verbo Encarnado”:

<http://institutodelverboencarnado.org/ e>

Instituto “Servidoras del Señor y de la Virgen de Matará”: <https://www.servidoras.org/>). Amin'izao fotoana izao, ireo reliojiozy ato amin'ny Fikambananay avy amin'ny firenena maherin'ny 60) , ahitana mpikambana 2 250 izay pretra ny 390 (Institut du Verbe Incarné) ary mpikambana 850 . Ary 1 400 ho an'ny Fikambanana Institut Servantes du Seigneur et de la Vierge de Matará.

Inona ireo singa tsy azo iadian-kevitra « no négociables », manampy ny fanomezan-pahasoavana? Afaka tanisaina ve?

Ireo singa izay heverinay ho mitovy amin'ny fanomezam-pahasoavana saingy tsy azo iadian-kevitra « no négociables ». Dia ireo singa izay azo lazaina fa manamarika ny aim-panahy iainanay sy ny maha-izy azy anay manokana amin'ny maha-Reliojiozy anay.

1. Fankalazana am-pahamendrehana sy fandraisana anjara amin'ny lamesa masina.
2. Aim-panahy matotra (mitady mpampianatra ara-panahy lehibe arahina izahay sahala amin'i Md Jean de la Croix, Mb Thérèse, Md Ignace de Loyola , Md Louis Marie Grignon ...).
3. Fankatoavana ireo Mpampianatry ny Fiangonana efa nisy hatrizay.
4. Fikasana mazava hanaraka ny Fampianaran'i Md Thomas d'Aquin.

5. Famoronana apostolika sy misionera
6. Fiaraha-monina matanjaka sy tontolo feno fifaliana.
7. « Mordre la réalité », fomba fiteny aty aminay izay midika hoe manatanteraka tsara sy amin'ny fomba mahomby, ny asa fitoriana ny vaovao Mahafaly. Ny filozofia tsara sy ny fahazavan'ny finoana ho an'ny zava-miaina masina, ary indrindra ny fahatongavana ho nofo sy ny asa- pamonjena, manazava ireo zava-misy maha olona ny olona, ireo zavatra, tranga ary olana amin'ny fijery ara-tsaina, fa indrindra amin'ny fijery mihaotra ny natoraly amin'izay indrindra no manova araka ny fanahy ny Teny Tonga Nofo.

8. Ireo asa fitoriana miavaka (toerana asa fitoriana sarotra, izay sahala amin'ny tsy ahitan-bokatra, sady tsy te andehanan'ny olona).
9. Asam-pamindram-po (indrindra amin'ireo madinika sy kilemaina).
10. Fijery araka ny fitondran'Andriamanitra mandritra ny fiainana iray manontolo.
11. Fanajana manokana an'i Masina Maria. Ny fikambananay dia teraka teo ambany fiahian'i Masina Maria ary miaina eo ambany fiahiany. Ny aim-panahin'i Md Louis Marie Grignon de Montfort manampy anay hiaina amin'ny fomba lalina kokoa ny voadinay fahaefatra fanokanan-tena amin'ny fandevozan'ny fitiavana.



Mahavariana ny mahita ny fiitaran'ny Fikambanareo. Firenena 40 no efa ahitana anareo ary misy mpiomana manana zom-pirenena maherin'ny 60; Inona no tsiambarantelon'ny fahombiazanareo ?

Amin'izao fotoana izao dia amin'ny firenena 40 amin'ny kaotinantana 5 (Argentine, Chili, Pérou, Brésil, Paraguay, Equateur, République Dominicaine, Etats-Unis, Canada, Guyane anglaise, Surinam, Mexico, Italie, Albanie,

Grèce, Espagne, Portugal, France, Hollande, Islande, Irlande, Lituanie, Luxembourg, Ukraine, Tadjikistan, Kazakhstan, Russie, Philippines, Taiwan, Hong Kong, Jordanie, Palestine (Bethléem y Frange de Gaza), Israël, Syrie, Egypte, Turquie, Tunisie, Iraq, Tanzanie sy Papouasie Nouvelle Guinée). Tena fahasoavana ny afahana manampy ny Eglizy amin'ny fitoriana ny Evanjely. Voalaza ao amin'ny fitsipi-pifehezanay (Constitutions SSVM, 254) sy ao amin'ny voady izay

tononinay, ny "tsy ialana amin'ny lalan'ny asa fitoriana", noho izany, mitady ny fomba rehetra izay mba hanomezanay ny hery rehetra, mba hanentanana ny olona hafa izay manana hafanam-po sahala aminay, "mandeha ary vonona hiaina ireo fepetra takian'ny Evanjely" (Cfr. Directoire de Spiritualité, 216).

Feno fankasitrahana izahay noho ireo fanomezana maimaim-poana nomen'Andriamanitra anay tamin'ny fitahiany noho ireo fiantsoan'Andriamanitra vaovao. Raha tsy misy ireo fiantsoan'Andriamanitra ireo tsy afaka manantotosa an'ireo iraka betsaka izahay. Ny fitomboanay dia maneho ny andraikitra goavana ho anay, izay feheziny ny teny iray : Tsy fivadihana. Tsy fivadihana amin'ny Fanahy Masina sy amin'ireo fanomezam-pahasoavana azo. Ny antso tsirairay dia asan'Andriamanitra ary noho izany indrindra ny ivo sy ny tsiambaratelon'ny fiantsoan'Andriamanitra dia ny vavaka voalohany indrindra, vavaka ho an'ny fiantsoan'Andriamanitra. Andriamanitra no miantso amin'ny alalan'ny finiavana malalaka nohon'ny fitiavana Azy, fa ahafahany miantso, dia mampiasa antsika Izy, mba ho vavolombelon'ny fiainana tena kristianina, ny hafaliana ateraky ny maha olom-boatokana, ireo no fototra.

Rehefa manaraka ireo kandida ho an'ny antson'Andriamanitra izahay, tsy afeninay fa

zava-dehibe ho anay ny «Fitiavana ny hazofijaliana ». Teo amin'ny hazofijaliana i Kristy no niantso fanahy betsaka ho eo Aminy. (Jn 12 ,32).

Mahakasika izay indrindra, tiako ho zaraina aminareo ny asa ara-panahy iray izay tanterahinay miaraka amin'ireo renim-pianakaviana sy fianakaviana ireo voaantso ato aminay, sady hanasana ihany an'ireo rehetra te hiditra . Tsy inona izany tetikasa izany fa « projet des 40Heures » na tetikasa 40 ora (ity ny tranokala idirana ahitana ny antsipirihany momba ny tetikasa : <https://40horas.org/>).

Ity tetikasa ity tsy hafa fa fanarahana ny voalazan'ny Evanjely: » Betsaka ny vokatra fa vitsy mpiasa ; mangataha ary amin'ny tompom-bokatra mba andefasany mpiasa hiasa amin'ny vokatrany ». Noho izany ireo renim-pianakaviana sy fianakaviana mivory isam-bolana mandritra ny 40 ora mivavaka ho an'ny fitomboana, ny faharetana ary ny fahamasinan'ireo pretra sy reljiozy ao amin'ny Eglizy ary ny Fianakavian-dreljiozy Verbe Incarné na Teny Tonga Nofo .Amin'izao fotoana izao dia misy olona 3000 misoratra anarana ao avy amin'ny firenena samy hafa eran-tany, izay manolo-tena hivavaka amin'ireo andro voatokana mandritra ny 40 ora.



Ny Fianakavian-dreljiozy anareo nantsoina hoe « du Verbe Incarné ». «ny Teny Tonga Nofo ». Ny sekolim-panahy frantsay, izay iraisan'ny monfortanina, manome lanja amin'ny misterin'ny Fahatongavana ho nofo ao anatin'ny fibanjinana, izay indrindra no nahatonga ahy liana te hahafantatra ny antony nahatonga an'i Rev. Père Carlos Miguel Buela, nisafidy ny anaran'ny Fikambananareo, afaka hazavainao ve ? Mety ho kisendrasendra ve no nananganana ny Fikambanana ny 25 martsa, fankalazana manetriketrika ny "Fahatongavana no nofo" (Nilazana ny Tompo naka nofo) ? Moa tsy fahatongavana ho nofo ny aim-panahinareo ?

Ny antony nahatonga ny mpanorina ny fikambananay nanao ny anarana hoe "Teny tonga Nofo", teraka indrindra tamin'ny fotoan-dehibe ny Fahatongavana ho nofo, izay mystery voalohany sy fototra an'i Jesoa Kristy.

Tamin'io fotoana io ihany koa, ny nananganana ny fikambanana, efa handeha hanakaiky ny roa arivo taona izay. Ny aim-panahinay, mifototra tanteraka amin'ny misterin'ny Fahatongavana ho nofo, tiako ho lazaina, avy amin'ny Olona ao amin'ny Teny sy ny Reniny , satria , ao amin'ny Fanahy Masina , no mampiray antsika amin'ny Ray. Avy amin'ny misterin'ny fahatongavana ho nofo, no niainga ny fototry ny aim-panahin'ny Fikambananay.

Tena fahasoavana lehibe avy any amin'Andriamanitra, ny nahatonga ny Fikambananay niorina nandritra ny Fankalazana manetriketrika ny Teny Tonga Nofo, andro iray, volana iray tamin'izay indrindra ny Papa Ray Masina Md Jean Paul II niaraka tamin'ny eveka rehetra maneran-tany, nanokana izao tontolo izao ho eo ambany fiarovan'ny Fo Madio an'i Masina Maria. Afaka lazainay, amin'ny fomba hafa, isika rehetra dia teraka tao amin'ny Fo Madio i Masina Maria.



Ao amin'ny laharana faha17 ny rafi-pifehezana mifehy anareo , voalaza ao Md Louis –Marie de Montfort, anisan'ny mpanaja ny aim-panahin'ny Fahatongavana ho Nofo ny sekoly frantsay , izay misy ifandraisany amin'ny « Fanoloran-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'i Maria » ao amin'ny Fanahy Masina, izay antsoinareo hoe « fanompoana marialy ». Ity fanoloran-tena ity dia voalazanareo hoe voady fahaefatra, mitovy amin'ny voadin'ny Fahantrana, Fahadiovana ary Fanekena; lazainareo ao amin'ny rafi-pifehezana laharana faha 17, araky ny fampiroboroboana ny iraka ao amin'ny Eglizy : « Tohizana ny Fahatongavana ho nofo amin'ny zavatra rehetra ». Afaka lazainao ve inona no dikan'ny « Fanompoana an'i Maria » izay miray tanteraka amin'y Fahatongavana ho Nofo sy amin'ny iraka, izay mahakasika ny maha izy azy ny Fikambanan-dreljiozy, na raha ny marina kokoa, ny fanomezam-pahasoavana izay antom-pisian'ny Fikambanana ao amin'ny Eglizy sy izao tontolo izao ?

Marina, ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria ao anatin'ny fanompoam-pitiavan-dreny, mahakasika manokana ny maha izy azy ny Fikambananay sy ny fanomezan-pahasoavanay. Lazainay fa sady misionera izahay no mpanaja an'i Masina Maria.

Sahala an'i Maria, tianay ny miezaka manohy ny Fahatongavana ho nofo amin'ny zavatra rehetra , toy an'i Masina Maria izay nanaiky ny Fanahy Masina, maka azy ho ohatra izahay, mametraka eo am-pelatanan'i Jesoa Kristy izay rehetra maha olombelona, na dia ireo toe-javatra faran'izay sarotra ary ireo tena manahirana. (Cfr. Constitutions SSVM 30 – 31).

Ankoatra ny voadin'ny fanompoana ny Fitiavana, zavatra roa no tadiavinay atao ; voalohany, mametraka eo am-pelatanan'i Masina Maria izay maha izy anay sy izay rehetra anananay ; ary faharoa,ny fanirinay sy ny hetahetanay, « marialiser » ny fiainanay manontolo, izany hoe, manao ny zava-drehetra amin'ny alalan'i Maria, miaraka amin'i Maria, ao amin'i Maria ary ho an'i Maria, mba hahafahana manao ny zava-drehetra amin'ny alalan'i Jesoa, miaraka amin'i Jesoa, ao amin'i Jesoa ary ho an'i Jesoa.



Ahoana no ampiarana ireo teny voalaza ao amin'ny laharana N°17 ao amin'ny rafi-pifehezana alohan'ny fiomanana ho novisy sy mandritra ny novisia ?

Raha mikasika ny « fiofanana marialy » ireo masera, nanomboka tamin'ny novisia ary hatramin'ny mbola postulat aza, entaninay ireo kandida hanana fitiavam-bavaka marina sy lalina amin'i Masina Maria. Rehefa novisia, rehefa mandray akanjo maha relijiozy, mandray ihany koa anarana vaovao. Ny anarana voalohany amin'ny anarana rehetra dia Maria (amin'ireo fiteny samy hafa), ny anarana faharoa, anarana milaza an'ny Masina Maria Virjiny, amin'izay mba Maria indroa izahay.

Raha ny votoatin'ny fiofanana kosa, misy taranja iray atao « Notions de Mariologie » izay mifototra tanteraka amin'ny fanazavana ny

« Traité de la Vraie Dévotion à la très Sainte vierge » na « Ny tena Fitiavana sy Fanajana an'i Masina Maria » sy mianatra ireo fomba ampidirana ny « mariologie » (mianatra koa ireo Asa soratr'i Md Louis-Marie Grignon de Montfort, mamaky ireo asa soratra hafa toy i Md Alphonse de Liguori (« les gloires de Marie ») ary Antoine Royo Marín (« La Vierge Marie »).

Ny novisy dia manao voady mba ho « esclavage marial » mpanompon'i Maria izay hiomanan'izy ireo miaraka amin'ny famakiana ny Boky « Ny tena Fitiavana sy Fanajana an'i Masina Maria ». Ataoan'izy ireo amin'ny fiakaran'ny novisia io voady io. Tsy voady ampahibemaso satria tsy mbola relijiozy ilay novisy tsy ara-panjakana, fa manana endrika ampahibemaso rehefa vao manonona azy voalohany izy miaraka amin'ny voadin'ny Fahantrana, Fahadiovana ary Fanekena.



Fahatongavana ho nofo, Fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Masina Maria (fanompoana marialy) sy « Fitoriana ny Evanjelin'ny kolontsaina » dia iray ihany . Afaka hazavainao ve ahoana no mahatonga azy ireo ho tanteraka ao amin'ny fiainan-drelijiozy misy anareo ?

Hoy ny Papa Jean Paul II « Andriamanitra dia tsy tena akaiky ny olombelona – ary ny olombelona tsy tena akaiky an'Andriamanitra – raha amin'izao fotoana izao indrindra amin' ny misterin'ny Fahatongavana ho Nofo » (Constitutions SSVM, 40). Ny Fitoriana ny Evanjelin'ny Fahatongavana ho nofo dia tsy inona fa fanohizana ny fahatongavana ho nofo amin'ny endrika rehetra maha olona , « hamehy ny zavatra rehetra ao amin'i Kristy » (Efez 1, 10), mahita ao amin' ny fanompoana marialy, fomba iray mahomby , satria azontsika

antoka fa amin'ny Maria , Renin'ilay Teny Tonga Nofo , mila manantona Azy isika, ary Masina Maria hamolavola ireo « Olomasina malaza » (jereo Saint Louis-Marie Grignon de Montfort, Traité de la Vraie Dévotion, n° 47).

Any amin'ireo iraka ataonay, miasa izahay mba hanova miaraka amin'ny herin'ny Evanjely, ireo masotsivan'ny fitsarana, ireo soa toavina goavana, ireo fomba fisainana, ary ireo endrika hafa ihany koa . Hita taratra izany rehefa tohizana hatrany amin'ny fianakaviana i Kristy, any amin'ny fampianarana, ireo fomba fifandraisana , ny fisainan'ny olona , ireo asa fiantrana mivantana amin'ny alalan'ny asa famindrampo, amin'ireo fitoriana any amin'ny misiona , asa ara-panahy samihafa... Matetika ireo mpiomana dia samy hafa, ary fantatray fa n'inona endrika isehoan'ny aina iray dia tokony ary tsy maintsy hitoriana teny.



Fantatro fa ny Fianakavian-relijiozy misy anao dia manana ireo lahika mpitokantena ivelan'ny fanambadiana sy ny relijiozy. Iza avy no afaka mandray anjara? Inona avy ny fiofanana izy ireo? Ahoana no atao raha handray anjara amin'ny asa fitoriana ny Evanjelin'ny Kolontsaina?

Ireo mpino lahika (tsirairay na anaty fikambanana), mpikambana ao amin'ny fianakavian'ireo relijiozy, namana, mpanao soa izay te hiaina ny fanomezan-pahasoavana sy ny Sorona Masina, ny aim-panahin'ny Fianakavian-drelijiozy misy anay, ireo

mitambatra no “Lahika Mpitokantena” . Misy arak'izany ny fifandraisana ara-panahy lalina sy akaiky eo amin'ireo toko telo izay manambatra azy (pretra ,relijiozy ary lahika). Ny fiombonana dia tsy afa mampisaraka ireo toko telo ireo amin'ny iraka misy azy ato anatin'ny fianakaviana « Ny Teny Tonga Nofo » .

Miankina amin'ny zava misy isaky ny iraka, mitady fiofanana ho an'ireo Lahika Mpitokatenanay izahay mba hampiroboroana ireo asa samihafa ohatra ny fiofanana momba ny lahateny, andron'ny tanora sy ny fianakaviana, cours universitaires, toriteny momban'ny fiofanana ara-panahy, fiomanana amin'ny fanoloran-tena ho mpanompon'ny Fitiavana, ...

Isan-karazany ireo andraikitra raisin'ireo Lahika Mpitokantena, izahay moa manana ambaratonga maha mpikambana. Ny sasany miara-miasa amin' ireo manana andraikitra apostolika, fampianarana, asa famindram-po, asa eny anivon'ny paroasy, fiomanana ny asa samihafa. Ao anatin'ireo andraikitra raisin'ireo lahika nanokan-tena, miezaka hitondra ilay « Teny », ny sasany amin'ny alalan'ny vavaka sy famolahan-tena manohana ny iraka ataonay sy ireo misionera. Raha fintinina, antsoina avokoa izy rehetra ho Fahatongavana ho nofo vaovao amin'ny lafim-piainany manokana maha lahika azy.



Tao anatin'ny boky izay navaokanareo nohon'ny fahatelo polo taonan'ny nijoroan'ny Fikambananareo «1988-2018, 30° aniversario de fundación, Servidoras », hitako fa manana olomasina mpiaro telo ao

amin'ny Fianakavian-relijiozy misy anao : Md Josefa, Notre Dame de Luján ary Md Joany Paoly II. Afaka hazavainao ve ny fifandraisan'izy ireo amin'ny Fianakavian-relijiozy misy anao ?

Md Josefa:

Ao amin'ny tantaran-pamonjena sy ny misterin'ny Teny Tonga Noho, Md Josefa, araky ny planin'Andriamanitra, nitana anjara toerana manokana sy fototra, akaiky ny Teny Tonga Noho ao aorinan'ny Reny Masina. Ankoatr'izay, ny fifandraisanay manokana amin'i Md Josefa, dia teraka ny andro hankalazana an'io Olomasina ny Fikambanana, ny 19 Martsa 1988. Hatramin'ny fanombohan'ny Fikambananay, ny Ray mpanorina ny Fikambanana, nampita taminay ny Fanajana manokana an'i Md Josefa, nampianatra anay izy mba hangataka bavaka aminy mandritra ny 30 andro araka ny vavaka sy fanajana manokana natokana an'i Mb Teresin'i Jesoa, fangatahana ara-panahy sy ara-batana. Arak'izany, nanome izay azony atao izy ho an'ny Fianakaviana Masina, isika koa, isika vavolombelon'ny fanelanelanana ataony sy fiarovana avy aminy, hitantsika fa betsaka ireo fahasoavana azo avy aminy.



Ny Virjiny avy any Luján:

Ny aim-panahy ianananay ao amin'ny Fikambanana avy amin'ny Teny Tonga Noho sy ny Reny Masina, izahay milaza ho an'ilay Reny any an-danitra, fanajana manokana, tsy hoe satria Izy no Reny mpiahy an'i Argentine, firenena nahaterahan'ny Fikambananay, fa eo ihany koa ny fifandraisanay manokana amin'ny antsonay sy ny iraka ataonay. Fony mbola seminarista ny Mpanorina ny Fikambananay, nivavaka matetika tao amin'ny Basilique de la Vierge de Luján izy, nangataka mba ho betsaka ireo mamaly ny antso ho pretra sy relijiozy.

Ny fifandraisana manokana hafa, dia ny Virjiny avy any Luján, nanampy anay foana tamin'ireo misiona nataonay. Ny misionera voalohany izay niainga avy any Argentine ho any amin'ny firenena hafa, dia mitondra miverimberina foana ny sariny, ary teraka ho azy teo ny Fitiavanay manokana Azy, tafaraka any amin'ny firenena lavitra, kolontsaina samihafa, mila azy izahay hanampy, hitarika ary hitahy anay.

Md Joany Paoly II:

Hatramin'ny fanomboan'ny Fikambananay, noraisin'ny Mpanorina ny Fikambanana ho « Ray filohan'ny fianakaviambe relijiozy anay izy ». Ny fifandraisanay manokana aminy noho ireo tranga samihafa izay hifamatoranay aminy. Hitanisa vitsivitsy aho :

- Manana hevi-kevitra maro nalaina avy amin'ny fampianarany izahay ao anatin'ny lalana fototra
- Izy no nananay hevitra, miaraka amin'ireo fampianarany, ireo singa betsaka ao anatin'ny fanomezan-pahasoavana ny Fikambananay, izay raisinay ho tsy azo iandian-kevitra « no négociables » ;
- Ny fitiavam-panompoan-dreny amin'ny alalan'ny Reny Masina mampiombona anay aminy, novolavolain'i Masina Maria izy izay lazainy fa mpanompo azy izy hatramin'ny fahatanorany, araka ny fampianaran'i Md Louis Marie Grignon de Montfort, izay tianay hiainana amin'ny alalan'ny voady fahaefatra anay
- Izy no nanampy anay tamin'ny alalan'ny ohatra nomeny sy ny fampianarana nataony mahakasika ny iraka ataonay.

Ankoatr'izay dia nanampy betsaka anay Jean-Paul Le Grand, tsy hoe Papa nanana ny toerany fotsiny izy, fa nampitombo sy nanamafy ny finoanay, noho ireo fandraharahana famolavolàna, ary tena Ray ho anay tokoa.



Amin'ny lohataona 2020 hanao fivahinianana masina any amin'ireo toerana maromaro, misy ifandraisany amin'i Md Louis-Marie de Montfort any andrefan'i Frantsa ianareo. Afaka resahinao ve, inona no tanjona amin'ny izany ?

Ny tanjonay amin'io fivahinianana io dia hanavaozanay ny fanoloran-tenanay amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria, amin'ny fomba lalina indrindra. Ho havaozinay ny voadin'ny fanompoanay ary angatahinay amin'ny alalan'ny teny nataon'i Md Louis-Marie de Montfort rehefa niresaka tamin'Andriamanitra izy « *Tsarovinao ny Fikambananao !* », fahasoavana avy amin'Andriamanitra ny nahazoanay misionera tsara, ny nahazoanay fanomezan'ny Fahendrena mba hafantarana, hankafizana, hampiharana ny hatsaran-panahy ho an'ny hafa.

Ho tanteraka io fivahinianana masina io, raha sitrapon'Andriamanitra, amin'ny faran'ny volana Jolay 2020. Hasainay ireo mpikambana ao Fianakaviambe relijiozy mba hiombona (mivantana, na ara-panahy). Betsaka ny hetsika hitambarana atao any Saint Laurent sur Sèvre sy à Pontchâteau. Mety hisy fahafahana, aloha na ao aorina, fivahinianana

amin'ny toerana hafa izay nalehan'i Md Louis-Marie Grignon de Montfort.

Ho fanomanana io fivahinianana io, miasa izahay mba hanaparitaka amin'ity taona ity ireo asa soratr'i Md Louis Marie. Efa namolavola tetikasa koa izahay, miaraka amin'ny lohahevitra hoe « ho tongan y fanjakan'i Jesoa amin'ny alaln'i Maria », mba hanentanana ny Fikambananay miparitaka amin'ny firenena samihafa, izay manatanteraka ireo asa marialy , na ara-panahy , toy ny mpampiofana sy ara-kolontsaina. Ny fanirianay izao ohatra hanatanteraka fampisehoana mozika ampiasaina ireo hira nosoratan'i Md Louis-Marie.

Nanomana tranokala mahasika an'izay izahay, www.regeomaria.org. Là nous allons publier différents matériaux qui pourront nous aider à mieux préparer le pèlerinage et le renouvellement de notre vœu.

Hetsika hafa izay nomaninay ho atao, amin'ny volana May 2020, fivahiniana marialy ho fanomanana, ao amin'ny Sanctuaire Loreto , io sanctuaire io manana fifandraisana manokana amin'ilay Teny Tonga Nofo sy Md Louis Marie. Ankoatr'ireo, betsaka ny « hetsika marialy », izay ho tanterahinay amin'ireo iraka ataon'ny Fikambananay amin'izao tontolo izao.



Henoko fa manana fikasana handika ny Ny tena Fitiavana sy Fanajana an'I Masina Maria amin'ireo teny ampiasain'ireo firenena iasan'ny Fikambanana misy anao, izay mbola tsy manana ny dikan-teny ianareo. Tena hevitra tsara ! Afaka hazavaina ve ny antony ity tetikasa tsara ity ary oviana noheveranareo hanombohana azy ?

Nieritreritra handinika ny boky amin'ireo firenena izay iasanay sady tsy mbola manana dika io boky io. Ny fandikan-teny niarahanay amin'ireo misionera toy ny any Papouasie Nouvelle Guinée (teny Pidgin), any Albanie (teny Albanais), any Tanzania (teny swahili).

Mino izahay fa ireo misionera afaka hanomboka haingana an'io tetikasa io, izay tsy misy tanjona afa tsy hitondra olona faran'izay

betsaka ho any amin'ny Fanjakan'i Jesoa amin'ny Fanjakan'i Maria. Tsy misalasala izahay fa ny fomba natoron'i Md Louis Marie, no fomba azo antoka, tsotra sy tonga lafatra, hahatratrarany io tanjona io. ■



«Ho havaozinay ny voadin'ny fanompoanay ary angatahinay amin'ny alalan'ny teny nataon'i Md Louis-Marie de Montfort rehefa niresaka tamin'Andriamanitra izy «Tsarovinao ny Fikambananao !», fahasoavana avy amin'Andriamanitra ny nahazoanay misionera tsara, ny nahazoanay fanomezan'ny Fahendrena»



Fifampizarana:

**Ento ao an-trano i Maria:
Hiaina ny fiainana Kristianina amin'ny maha-olona
nanokan-tena azy**

de Ana Marie Festin Fondevilla



Voarakitra tamin'ny fiainan'i Olontsambatra Marie Louise Trichet fa rehefa nody tany an-tranony Elizabeta rahavaviny izy dia niresaka hoe: “ Marie Louise, toriteny mahafinaritra izay reko izay, tsy maintsy ho Olomasina ity Pretra ity”. Avy eo Marie Louise dia nanapa-kevitra ny hotarihan'i Père de Montfort. Rehefa nandohalika mba hikonfesy tamin'i Père Louis Marie de Montfort i Marie Louise dia nanontany azy: “Iza no nitondra anao nankaty amiko,

anaka?” – “Raiko, tsy iza fa ny rahavaviko!” – “tsia, anaka” hoy Père de Montfort, “tsy ny rahavavinao no nitondra anao ho aty amiko, fa i Masina Maria Virjiny”. Ity fihaonana ity dia nanova ny fizotran'ny fiainan'i Marie Louise.

Tamin'ny 1974, 14 taona aho tamin'izay dia voaasa ho ao amin'ny Fikambanana Légion de Marie, tamin'ny fanelanelanana nataon'ny zokiko vavy, Emma. Izy dia efa voaasa volana vitsy talohan'io. Nisy lezionera anankiroa nitsidika anay taorian'izay. Nijery

ahy izy ireo ary nanasa ahy hiditra anatin'ny vondrona Tanora ao amin'ity Fikambanana ity. Ireo fivoriana isan-kerinandro, ny asa fitoriana sy ireo hetsika maro ato amin'ny Fikambanana dia nanampy ahy hahalala bebe kokoa an'i Jesoa sy Maria ary nampitombo ny fitiavako Azy ireo. Io ihany koa no fomba nahafantarako an'i Md Louis Marie de Montfort.


Sahiko ny milaza fa raha hanontany ahy ny fanontaniana napetrany tamin'i Marie Louise i Md Louis Marie de Montfort: "Iza no nitondra anao taty amiko, Ana Maria"? Dia hovaliako ihany koa hoe: "ny rahavaviko!". Heveriko fa hamaly ahy i Md Louis Marie hanao hoe: "tsia, Ana Maria, tsy ny rahavavinao no nitondra anao taty an-tranoko, fa i Masina Maria Virjiny".

Eny tokoa, misy olona izay napetrak'Andriamanitra eo amin'ny làlantsika, ohatra: ny fianakaviansiaka, ny namantsika, ...ary mankasitraka azy ireo isika. Fa ny voalohany indrindra amin'ny zavatra rehetra dia llay Tompontsika sy Maria Renintsika no nifidy sy niantso antsika tsirairay avy amin'ny anarantsika. Ato amin'ny Fikambanana légion de Marie dia manana izao fomba fiteny izao izahay: "Tsy ianao no nifidy an'i Maria fa i Maria no nifidy anao".

Ny 23 hatramin'ny 25 Mey 1986, dia nandray anjara tamin'ny laretiretin'ny lezionera izay notarihan'i Mompera Jean Claude Sigouin, SMM ny tenako. Izy sy i Mompera Mario Belotti, SMM dia tonga ny taona 1984 mba hampielny ny fiforonan'ny Fikambanana Misionera Montfortana tany Filipina. Na dia efa niatrika ny laretirety izay notarihan'ny Pretra Zezoita aza aho ny Avrily 1986, ny filohan'ny Fikambanana légion de Marie sy ny mpikarakara ny laretirety, sœur Carmen Zacarias (izy izay nandray ahy tato amin'ny Fikambanana Légion de Marie) dia namporisika ahy mba hiatrika ny laretirety faharoa izay natao ny volana Mey. Tsy fantatro raha te hanova ny làlam-piainako izy. Rehefa nandeha nikonfesy sy nanatona an'i Mompera Jean Claude aho dia nampindraminy ahy ny bokin'i Montfort "Ny Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay". Fantatro koa fa i Montfort no nanoratra "Ny tena fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria", "ny tsiambaratelon'i Maria" ary

"ny tsiambaratelon'ny Raozery", nefa mbola tsy naheno resaka mikasika an'io boky momba ny Fahendrena Mandrakizay io aho. Tena nanohina ahy lalina izay voarakitra tamin'ireo boky ireo. Ny tsapako voalohany tamin'ity boky kely ity, na dia tsotra aza, lalina dia lalina. Izy io dia efa mahazatra, sangan'asa kanto ary harena ho ahy. Tsapako fa nizara ireo eritreritra lalina tao am-pony i Montfort.

Nahafinaritra ahy ny tenin'i Montfort, tamin'ny firaiketako an-tsoratra izay notsongaiko tamin'ireo toko 17 tamin'ny boky nosoratany, , indrindra ny tao amin'ny ASE 64-66 (ny amin'ny fitiava-namana), 70-71 (ny amin'ny Eokaristia), 133-153 (ny amin'ny teny milaza ny maha-ambony an'i Jesoa), 180 (ny amin'ny Hazofijaliana), 203 (momba an'i Masina Maria). Rehefa namerina ny boky aho talohan'ny nifaranan'ny Laretirety, dia nasain'i Mompera Jean Claude aho hiditra ao amin'ny Fikambanana *Totus tuus Journey* (TTJ). Nangataka aho raha afaka mitondra namana lezionera maro, ary hoy izy : "eny, mazava ho azy". Nahita namana anankiroa aho. Ka ny iray tamin'izy ireo dia i Nancy David, izy izay tonga Masera Zanakavavin'ny Fahendrena voalohany tany Filipina tamin'ny taona 1993.



Ny 31 Mey 1986, izay fetin'ny Famangian'i Masina Maria an'i Elizabeta rahavaviny, telo izahay no nanatrika ny fivoriana voalohan'ny *Totus Tuus Journey* tamin'izany. Ity fivoriana voalohany ity dia nifantoka tamin'ny fahalalana ny tena, fivoriana izay niarahana tamin'i Mompera Mario Belotti, SMM. Nohajaina hatrany izahay rehefa nanatrika ny fivoriana rehetra isakin'ny Sabotsy tao amin'ny Fikambanana TTJ, izay nitohy hatrany amin'ny Fanoloran-tena izay nataonay ny 08 Desambra tamin'io taona io ihany.



Montfort dia nilaza hoe: “Ny fanokanan-tena dia fanavaozana ny fanomezan-toky nataontsika tamin'ny Batemy”. Nahita fahagagana tamin'ny fiainako aho. Hitako fa ny iray tamin'ireo niaraka nanao ny fanokanan-tena tamiko dia rahavavin'ny Mpiantoka ahy tamin'ny batemy. Isakin'ny Sabotsy, mifankahita foana izahay, fa efa tamin'ny fotoana farany vao fantatro fa iray fiaviana avy amin'ny faritany iray izahay (Romblon). Noforoniny avy hatrany ny fifandraisana tamin'ny Batemiko sy ny fanokanan-tenako! Izaho dia teraka tamin'ny 19 Aogositra 1960 ary vita Batemy aho 9 andro taorian'ny nahaterahako: dia ny 28 Aogositra izay fetin'i Md Augustin. Ny andron'ny fanokanan-tenako, nahatsiaro ny raiko sy ny reniko aho ary tsapako ny fanatrehan'izy ireo. Hitako ho fanomezana manokana avy amin'i Jesoa sy Ilay Reny Masina-ntsika izany rehetra izany. Ny 31 Mey sy ny 08 Desambra, ireo fety marialy anankiroa ireo, dia tsy ho voafafa ato am-poko sy ato an-tsaiko toy ny famangiana manokana nataon'i Maria ahy sy fihaonany tamiko, izay nitondra anay amin'ny fiombonana lalina ary amin'ny firaisan'ny foko sy ny sitrapoko miaraka amin'ny sitrapony.

Arak'i Montfort, ny fo, no fototrin'ny fanokanan-tena amin'i Jesoa Fahendrena ary azo fintinina amin'ny teny kely efa: **amin'ny Alalany, miaraka Aminy, ao Aminy ary ho Azy** (PAEP). Tsy maintsy atao izany amin'ny alalany, miaraka aminy, ao aminy, ho an'i Maria, ary ny tanjona dia ny hahatanteraka ny zavatra rehetra amin'ny fomba tsara kokoa amin'ny Alalany, miaraka Aminy, ao Aminy, ho amin'i Jesoa. Voamarik'i Montfort fa vitsy ny olona manana io fanazaran-tena io: ka mba ahafahana mampitombo ny isan'izy ireo dia nanoratra ny zavatra nampianariny izy, fampianarana izay nahitam-bokany tamin'ireo asa sy iraka izay nataony an-taonany maro! (cf. VD 110).

Rehefa manao ny asantsika isika amin'ny alalany, miaraka aminy, ao aminy, ho an'i Maria, dia entintsika ho ao an-tranontsika i Maria, ao anaty fontsika, ao anatin'ny toetra maha-antsika antsika, ao anatin'ny maha-olona antsika manontolo. Hitantsika izany tamin'ny fiainan'i Montfort, Marie Louise, Frank Duff, Edel Quinn, Masindahy Jean-Paul II ary Masimbavy Mère Teresa de Calcutta, raha tsy hitanisa afa-tsy ireo vitsivitsy ireo.

1. Ahona no fomba niainako ny Fanokanan-tenako amin'i Jesoa TAMIN'NY ALALAN'I Maria?

Ao anatin'ny Boky Tena Fitiavana sy Fanajana an'i Masina Maria (VD1), Montfort dia nanoratra hoe: “ Tamin'ny alalan'i Masina Maria Virjiny no nahatongavan'i Jesoa Kristy teto amin'izao tontolo izao, ary mbola amin'ny alalany ihany koa no tsy maintsy hanjakany eto amin'izao tontolo izao”. Andriamanitra Ray, ny Zanaka sy Fanahy Masina dia nametraka ny fitokisany tamin'i Maria ary nampiditra an'i Maria tao amin'ny drafitrin'ny famonjena antsika.



Rehefa nandeha tany Papouasie-Nouvelle Guinée (PNG), niaraka tamin'i Nancy David lezionera namako aho, amin'ny maha-misionera lahika, miaraka amin'ny "Iraka Katolika Montfortana", nankiniko teo ambany fiarovana sy teo am-pelan-tànan'i Maria ny iraka nataonay. Ho ahy, dia fianjerana amin'ny zavatra tsy fantatra izany. Nandeha tamin'ny làlana tsy azo antoka, fa i Maria no tonga kintana mpitari-dàlana ny fiainanay niaraka tamin'ireo anadahy sy rahavavy avy any Papouasie.


Nandao an'i Filipina izahay ary tonga soa tany PNG ny 31 Mey 1987, fetin'ny famangian'i Masina Maria an'i Elizabeta rahavaviny ary tsingerin-taona voalohan'ny *Totus Tuus Journey*-nay. Tao anaty fiaramanidina, niaraka taminay, ny sarivongan'i Masina Maria Reny, izay fampiasan'ny Fikambanana Légion de Marie: izy ity dia fanomezana avy tamin'ny Filohan'ny Fikambanana, Marie Reine des Coeurs, ho an'ny Fikambanana Légion de Marie ka hapetrakay any PNG. Mieritreritra aho fa ny roa taona nanirahana anay tany, dia toy ny famangian'i Maria an'ireo zanany any Papouasie. Nandritra ny asa pastoraly sy fampianarana izay nataonay tany, dia nahatafatsangana mpitarika anankitelo ato amin'ny Fikambanana Légion de Marie izahay dia tao amin'ny Paroasy Masindahy Piera, Boset, ary tany amin'ny faritany andrefan'i PNG. ***Miaina ny fanokanan-tena miaraka amin'i Maria dia mitombo fahatokisana raha mbola eo am-pelan-tàny.***

2. Ahoana no fomba iainako ny fanokanan-tenako amin'i Jesoa MIARAKA amin'i Maria?

Nandany ny telopolo taona niainany tao Nazareta niaraka tamin'i Maria i Jesoa: ao amin'ny Evanjely, vitsy ny teny manambara ny fiainany miaina sy tsotra izay niarahany tamin'i Masina Maria sy i Masindahy Josefa. Ao amin'ny Md Lioka 2, 40, izay mivaky hoe: "Nihalehibe sy nihanatanjaka ny zaza, feno fahendrena, ary ny fahasoavan'Andriamanitra tao Aminy". Izay ihany.

Miaraka amin'i Maria, nandray fanapahan-kevitra lehibe tamin'ny fiainana

foana aho. Nikatsaka ny hazavany sy toro-hevitra nomeny aho fony aho nitia sy nandinika ary nisaintsaina ireo làlana mifono mistery sy mahavariana nataon'Andriamanitra. Ny iray tamin'ireo fanapahan-kevitra ireo dia ny fandozako ny asa fampianarana maharitra niandraiketako tao amin'ny Sekoly Masimbavy Terezy mba hamaliako ny antson'Andriamanitra niantefa tamiko ho amin'ny iraka mankany Papouasie. Fihetsika ara-pinoana niaraka tamin'i Maria izany ary tamim-pahasahiana no nandehanako. Moa tsy nanoratra tamin'i Marie Louise ve i Montfort: "Raha tsy mahafoy zavatra ho an'Andriamanitra isika, dia tsy manao zavatra lehibe ho Azy?".



Niaraka tamin'i Maria ihany koa aho no nitondra ny hazofijaliana teo amin'ny fiainako. Ny fahafatesana nitranga tao amin'ny fianakaviako dia ao anatin'izany, ary na dia mbola kely aza aho dia efa tsapako foana ny fisiany sy ny fiarovan'i Maria.

Vao fito taona monja aho no maty ny reniko izay 44 taona (1967), namela kamboty 11 mianadahy, izaho no fahasivy amin'ireo; ary 19 taona aho no maty ny raiko (1979). Ny iombonan'izy ireo dia samy maty nandritran'ny fetin'i Masina Maria izy ireo: le 16 Desambra, fetin'i Notre-Dame de La Délivrante ary ny 12 Desambra, fetin'i Notre-Dame de Guadalupe.

Ny Raiko sy ny Reniko dia tena nanolotena tanteraka ho an'i Masina Maria Reny daholo. Nisafidy ny datin'ny 07 Oktobra (1943), fetin'i Masina Maria Mpanjakavavin'ny Raozery izy ireo, andro nandraisan'izy ireo ny Sakramentan'ny mariazy. Finoana iray niombonanay rehetra ny hoe izay rehetra akaiky an'i Maria dia hiala amin'ity fiainana ity amin'ny andro fankalazana ny fetin'i Maria. Nampahery anay izany hevitra izany.



“Ento ao an-trano i Maria” (cf. Jean 19,27)

Tahaka ny ilazan'i Maria amintsika hoe: "amin'ny andro mampahory anao dia miaraka aminao aho, aza manahy ny amin'izy ireo, ato amiko izy ireo ary izaho miaraka amin'izy ireo, rehefa teraka ho amin'ny fiainana mandrakizay izy ireo".

Ireo zava-miseho ireo dia manamafy izay rehetra voasoratr'I Montfort ao amin'ny Boky Raki-tsarobidy nankinina tamin'I Maria: "ny hazofijaliana izay omen'I Maria an'ireo izay azy dia mifangaro: hazofijaliana mamy fa miharo hazofijaliana mangidy" (Raki-tsarobidy 22). Amin'ny fahamarinana sy ny zava-misy, Maria no manamaivana ireo hazofijaliako. Miara-mandeha amiko izy rehefa manandrana mijery ny Fahendrena ao amin'ny hazofijaliako lehibe sy kely aho. ***Ny fiainana ny fanokanan-tena miaraka amin'I Maria dia mitombo miaraka amin'ny toe-panahin'i Maria.***

3. Ahoana no fomba iainako ny Fanokanan-tenako amin'i Jesoa AO AMIN'I Maria?

Maria no tontolon'Andriamanitra. Montfort dia nanoratra hoe: "Nataon'Andriamanitra hikatsaka ny fahafahany amin'ny fahitana fa voafonja ao aminy izy, nandrava ny heriny izy amin'ny famelana ny tenany hitondra an'ity zazavavy kely ity". (VD18).

Ny anaran'ny reniko dia I Mariana. Ny anarako: Ana Maria, ahitana endrika mifamadika amin'ny anarany. Nametraka harena holovainay izy tamin'ny fisainany sy ireo endri-javatra maro mikasika an'I Masina Maria tamin'ny alalan'ireo taratasiny (1960-1967). Teraka tamin'ny 1960 ny tenako, ary ny zokinay vavy kosa dia nandao ny tokantranonay mba hianatra tany Manille tamin'izany. Taratasy maro no nalefa ho amin'izay hiantefany ary niainga avy any Romblon. Raha mbola tao an-kibony aho, dia nanoratra ho an'ny rahavaviko I neny ary nanasa azy mba hiaraka aminy hivavaka amin'ny fangatahana miaraka mandritran'ny Alarobia in-tsivy ary hangataka ny fahasoavana avy amin'I Masina Maria Vonjy mandrakizay mba ho teraka soa aman-tsara aho. Hatrany an-kibon'I Neny aho, dia efa nankinina tamin'I Maria ny fisiako. Noho izany

"izaho dia mitoetra ao am-po na ao an-kibon'I Maria", manamafy izany ny reniko izay nivavaka sy naniry mafy izany fony aho nitombo tao aminy.

Nanomboka tamin'ny namakiako ny boky Raki-tsarobidy tamin'ny 1981, amin'ny maha-lezionera, ary indrindra taorian'ny fanokanako tena ny taona 1986, nanao ny vavaka tsaran'I Mompera Jean Jacques Olier, vavaka izay tena tian'I Père de Montfort sady nampanaoviny: "Jesoa velona ao amin'I Maria", manao an'izany vavaka izany aho amin'ny fandraisana an'I Jesoa amin'ny Komonio. Ny tononkira tena tiako ihany koa dia milaza hoe: "Jesoa ao amin'I Maria, avia tiavo aho. Jesoa tia an'I Maria, avia tiavo aho. Jesoa manome an'I Maria, avia ary omeo ahy. ***Ny fiainana ny fanokanako tena amin'I Maria dia tsy afaka mitombo raha tsy ao amin'I Maria irery ihany.***

4. Ahoana no fomba iainako ny fanokanan-tenako amin'I Jesoa HO AMIN'I Maria?

Ny volana Jolay 1990, nanomboka ny lalam-piofanana ho masera tao amin'ny Fikambanana Zanakavavin'ny Fahendrena aho. Naharary be ny foko fa tamim-pilaminana no nandraisako fanapahan-kevitra ary taorian'ny fandanjalanjana tsara tao anatin'ny vavaka miaraka amin'ny Tomponandraikitryny Novisy sy ny tale ara-panahiko, dia nandao ny toeram-piofanan'ny Novisy aho ny volana Oktobra 1992. Dia niverina nody tany aminay tany Romblon aho. Enim-bolana taorian'ny fahanginako sy ny fahatsapako tena ho irery, ary niaraka tamin'ny fanohanana tam-pitiavana nataon'ireo anadahy sy rahavaviko ary ireo "namana ato amin'ny ekipa Marialy", dia niditra tsikelikely tao amin'ny paroasy niaviako amin'izay aho. Nahazo ny aingam-panahy avy amin'ny Fanahy Masina aho, ka namelona indray ny Fikambanana Légion de Marie tao amin'ny Paroasy Md André ary dia voafidy ho mpitahiry vola tao amin'ny Paroasy koa aho. Ny taon-jobily lehibe tamin'ny taona 2000 dia tena fotoana miavaka ho anay rehetra satria tamin'io fotoana io ihany koa izahay no nankalaza ny taon-jobily volafotsin'ny Paroasinay sy ny Diosezinay. Ny volana


Oktobra 2000, niatrika ny Sinoda voalohany ny Diosezy, vokatrin'ny dingana fiomanana nandritran'ny telo taona, 1997 – 1999.

Fivoriana maro, seminera ary fiofanana maro no nentina nampisongadinana ireny. *Miaraka amin'I Maria ary ho an'I Maria, no nahatanterahako ireo hetsika sy tetikasa ireo.*

Amin'ny alalan'ny fandraisako ny fanokanan-tenako ho fomba fiaina, dia tsy afaka mampisaraka ny tenako amin'ny aim-panahy Montfortana aho. Hatramin'ny volana Oktobra 1993, isakin'ny any Manille aho, dia nomeko ny Totus Tuus Journey (TTJ) miaraka amin'ireo mpisava lâlana lahika anankiroa ny TTJ dia i: Maseru Paz Soriano sy Lina Nonog.

Ny taona 2003, tonga mpikambana tao amin'ny Fikambanana “ami(e)s de la Sagesse” aho (Lahika Mpiara-dia amin'ny Zanakavavin'ny Fahendrena) ary tamin'io ihany koa ry zareo no nanomboka ny fankalazana tamin'ny fomba ofisialy ny faha-300 taona. Nangatahina aho mba hanolotra, mandritra ny folo minitra, ny fiainan'I Marie-Louise: “ny fon'ny Fahendrena 300taona”, tamin'ny teny anglisy sy tamin'ny teny Filipiana. Avy eo dia voafidy ny tenako ho isan'ny delegasiona handeha ho any Frantsa, ny volana Aogositra 2003. Fahasoavana sy fanomezana lehibe ho ahy ny nandehanako tany St Laurent-sur-Sèvre sy tany amin'ireo toerana lehibe hafa manan-danja ho an'ny Montfortana, izany dia teo amin'ny faha-43 taonako. Misaotra Jesoa, Maria, Montfort ary Marie-Louise!

Tamin'ny taona 2005, rehefa nanoratra ny tantara an-tsehatra mikasika ny fiainan'ny Montfort izay haseho mandritra ny 10 minitra, mitondra ny lohateny hoe: “ dia anankiray ao am-pon'ny mpanorina”, nandritra an'izay 300 taonan'ny SMM izay, dia notoloran-kevitra aho tamin'ny alalan'I Mompera Richard Magararu, SMM, mba hanaraka ny fianarana Teolojia. Mompera Paul Arnel Lucero, SMM, mpanolo-tsaina ahy tamin'ny fikarohana nataoko, sy Mompera Mario Belotti, SMM, mpampianatra sy mpanolo-tsaina ahy lavitra, tany Malawi, dia nitondra fanampiana sarobidy sy toro-hevitra mahaso ho ahy tamin'ny famitako ny fikarohana nataoko hamaranako ny fianarana. (cf. SMM News Archives NU-PHL-74, 2013).



Ny volana Janoary 2016, Mompera Mario Belotti, dia nanana eritreritra hanoratra boky vaovao an'ny Totus Tuus Journey, “Jesoa velona ao amin'I Maria”, hoentina mankalaza ny faha-30 taonan'ny Totus Tuus Journey any Filipina. Fifaliana sy tsodrano ho ahy ny nahatontosako ny andraikitra mialy tamin'ny famerenana namaky indray izay voarakitra ao anatin'ity boky vaovao ity, boky mirakitra fahasoavana ary tonga amin'ny fotoana mampety azy.

Ny volana Mey 2017, nangatahina aho hizara ny aim-panahin'ny Fahendrena amin'ireo mpiasa sy mpampianatra rehetra ao amin-dry Frera Montfortana St Gabriel ao Kota Kinabalu, Sabah ary amin'ireo mpikambana rehetra ao amin'ny hetsikan'ny mpiara-dia Montfortana (MAM) tany Singapour tamin'ny

alalan'ny fanelanelanana nataon'i Frera Thomas Paul. Nandeha tany aho niaraka tamin'ny namana lahika Montfortana iray izay sady mpandray anjara amin'ny TTJ, Fe Habijan, (ireo freran'ny St Gabriel dia efa tonga tao amin'ny faritany niaviako nanomboka tamin'ny taona 2009).

45 taona izay no lasa hatramin'ny nahalalako an'i Md Louis Marie de Montfort tamin'ny alalan'ny fikambanana légion de Marie, ary 33 taona amin'ny maha-mpandray anjara ahy ato amin'ny *Totus Tuus Journey*. Ireo tranga anankiroa ireo dia nanamarika fiovana lehibe teo amin'ny fiainako. Izany dia nahatakarako hoe an'iza sy aiza aho izao, mpikambana ao amin'ny naman'ny Fahendrena, mpiara-dia ao amin'ny Misionera Montfortana (AMM), lahika mpikatroka ao amin'ny *Totus Tuus Journey*, mpikambana ao amin'ny ekipan'ny aim-panahin'ny "Fikambanana Marie Reine des Coeurs" ao Filipina, nanomboka tamin'ny niorenany ny Volana Avrily 2018. ***Miaina ny fanokanan-tena ho an'i Maria dia mila mampahafantatra azy, tia sy manompo mba hahafantarana an'i Jesoa bebe kokoa, tia sy***

manompo eto amin'ity tontolo misy antsika ankehitriny ity.

Ho fehiny, horaisiko ny vavaka sy ny nofin'i Père de Montfort (cf.VD 127) amin'ny alalan'ny vavaka. Nofinofiko ihany koa izy ity: ***"Rahoviana ny fanahy no afaka hiaina tahaka ny rivotra iainana? Rahoviana no ho avy io fotoana mahafaly io, io vanim-potoanan'i Maria io izay misy fanahy maro, nofidian'i Maria ary nomen'Andriamanitra Avo indrindra, dia hanafina tanteraka ny halalin'ny fanahiny ho tonga dika mitovy amin'i Maria, be fitiavana sy manome voninahitra an'i Jesoa. Rehefa tonga izay fotoana izay, dia hisy zava-mahagaga hitranga eto an-tany. Ny Fanahy Masina, miaraka amin'i Maria, no hamoaka fahagagana amin'ny fahasoavana. Hitranga ihany io andro io rehefa takatra ny fanoloran-tena ampianariko sy ampihariko. Tompo, ho tonga anie ny Fanjakanao! Ho tonga anie ny Fanjakan'i Maria"***.

Ana Marie Festin Fondevilla
Quezon City, Philippines
6 décembre 2019 ■

Vaovao:

**Ny Fanokanan-tena,
ivon'ny fiainan'ny mpianatr'i Kristy**

de Jimmy Carvallo



RUTENG, Indonésie – Nahavory mpino kristianina an-jatony sy relijozy maromaro ny fankalazana ny nanaovan'ireo mpikambana vaovaon'ny Association Marie Reine des Cœurs (AMRdC) ny Fanokanan-tenany izay natao tao amin'ny Lasapelin'ireo Misionera Monfortana tao Ruteng, Manggarai, ny tolakandron'ny alakamisy 12 novambra 2019. Nanotrana izany ireo Filles de la Sagesse sy Amis de la Sagesse, ireo Novisy monfortana, ireo mpikambana ao amin'ny Jeunesse Montfortaine, ireo tompon'andraikitra ny ankohonam-piainana ifotony ary ireo

mpikambana isan-tsokajiny na andiany ao amin'ny AMRdC.

Ny Mpandrindram-paritra ny Association de Flores, P. Ariston Laurensius, smm, no nitarika ny fankalazana. Ary izany dia niantomboka tamin'ny fanomezan-toky tsy hivadika amin'ny Tenin'Andriamanitra. Notohizana tamin'ny fanaovazan'izy ireo ny toky nomeny tamin'ny batemy. Vita izany dia nanonona ny vavaka Fanokanan-tena miaraka amin'ny Taratasy Fifanarahana fa haharitra amin'izany izy ireo. Marihina fa niisa 23 ireo mpikambana AMRdC 2019 no nanao ny Fanokanan-tenany voalohany.



Nandritra ny lanonana izay natao tao amin'ny novisian'ny Monfortana dia nanambara ny P. Lodovikus, *Maître des novices* sy lehiben'ny ankohonam-piainana, fa ny AMRdC dia natao ho vavolombelona hitory ny Evanjely amin'ny alàlan'ny toe-piainan'ny mpikambana ao aminy. Hoy izy : « Tokony ho tsapantsika fa ny

AMRdC dia tsy vondrom-bavaka fa vondron'ireo vavombelon'ny fahamarinan'ny Evanjely, araka ny seha-piainana misy ireo mpikambana ao aminy. Ny zava-dehibe dia ny fahafahantsika mijoro ho vavombelon'ny Evanjely. Tokony hiaina izany manokana koa anefa isika raha toa ka

tiansika ho tafita any amin'ny mpiara-belona amintsika amin'ny fomba marina izany fijoroantsika vavolombelona izany. »
Izany fijoroana vavolombelon'ny Evanjely ho an'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny AMRdC izany, hoy ihany I P. Lodovikus, dia manomboka ao amin'ny fianakaviansika: azo tarafina izany ao amin'ny fifandraisan'ny mpianakavy (mpivady, ray aman-dreny sy zanaka). Miaraka aminy sy amin'ny alàlan'izany dia tena iainana tokoa ny Evanjely eo anivon'ny fianakavian'ireo mpikambana AMRdC ary mihitatra lavidavitra kokoa amin'ny manodidina ny fianakaviany aza.

Hoy i P. Lodovikus : **« Izany no tokony ho tanteraka. Tsy eo amin'ny lafiny hamaroana ihany fa antenaintsika fa hitombo eo amin'ny lafiny kalitao ihany koa ny AMRdC, izany hoe mba ho tsara noho ny teo aloha ny fomba hiainantsika ny finoana amin'ny maha mpianatr'i Kristy antsika. Raha toa ka mitovy ihany ny fomba fiainantsika taloha sy taorian'ny Fanokanan-tena, dia aoka samy hanontany tena hoe nandalina marina ny toe-panahin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort ve isika ! ».**



«AMRdC dia tsy vondrom-bavaka fa vondron'ireo vavombelon'ny fahamarinan'ny Evanjely, araka ny seha-piainana misy ireo mpikambana ao aminy»

MD LOUIS-MARIE GRIGNON AVY ANY MONTFORT

TONONKIRA LAH 16 NY HERIN'NY FIFADIAN-KANINA

Tononkira faha 12

1-
Ampiaraho amin'ny vavaka ny fifadian-kanina,
Hoy ny Anjely tamin' I Tobia,
Tsy misy tena tsara,
Tsy misy tena malefaka.
Mitalaho aminao aho, ianaro ny
Tsiambarantelo telo mba hisatrohantsika,
sy apetraho eo ambony fiketrahana,
Fahalalana: mivavaka, mifady hanina,
Ary manao asa fitiava-namana.



2-
Tandremo mba tsy ho voatampokin'ny
Hadisoana iombonana.
Izao no hamaritako ny atao hoe fifadian-
kanina:
Fihavaozana isan'andro,
Fifadian-kena, miaraka amin'ny hanim-be,
Fa aoka tsy ho betsaka.

3-
Eo imason'Andriamanitra, Ny fifandian-kanina
dia
Iray amin'ireo sorona tsara indrindra
Ataon'ny olona araka ny halebeazany,
Ary amin'izany no hakany fafiny.
Izany no didy voalohany nataony tamin'ny
Olombelona voalohany
Dia ny mifady tanteraka
Tsy mihinana paoma

4-
Raha vao nanimbazimba an-karatsiana io
fifadianan-kanina masina io
I Adama, dia lasa mpanota ory,
Very avokoa ny harenany sarobidy.
Raha zava-dehibe
No teo amin'io toerana mahafinaritra io,
Dia mbola lehibe lavitra noho izany, raha ny
marina kokoa
Eo amin'io toerana fijaliana io.

5-
Ny olona tsy misy fifandian-kanina dia nofo
tanteraka,
Hoy io Tompo avo indrindra io,
Tsy afaka handresy amin'izany aho;
Ary tsy hijanona amin'izany akory;
Fa raha amin'ny fifadian-kanina masina kosa
No mamolan-tena ny olona
Avy hatrany dia voatokana ho ahy izy
Ary manome voninahitra amin'izany aho.

6-
Ny fifadian-kanina tena lava sy tena goavana
No namolavola ireo olon-kendry,
Ireo mpaminany, ireo mpanitona,
Ary ireo olona malaza.
Nanova azy ireo ho afo,
Nameno azy ireo fahasavana,
Nampiresaka azy ireo amin'Andriamanitra, eny
nampifanatrika aza
Ny fifadian-kanina.

7-
Fa ny tokony hahagaga antsika,
Ary ny mendrika izany,
Izy Andriamanitra aza dia tena tia
Nifady hanina efapolo andro nisesy,
Sady tsy nisotro no tsy nihinana
Tamim-pahanginana sy tao anaty vavaka,
Tsy nitandro aina sy afa-sasatra,
Tsy tamin'ny fomba inona na inona.



8-
Nifady hanina Izy mba
hampisehoana amintsika
Mba hifady hanina ihany koa,
Mifady hanina izy mba
hiomanany

Amin'ny Batemin 'Andriamanitra,
Mba handresena ny demony feno avona
Sy mihosona fanambonian-tena,
Ary farany mba handeha hitory ny fibebahana
Amin'ny toerana rehetra.

9-
Raha tsy fifadian-kanina dia tsy afaka ny
hanavotra
Fanahy mbola miaina araka ny nofo isika.
Raha tsy fifadian-kanina dia tsy afaka
hisambatra ny nofo feno fikomiana isika.
Ny vatana tsy misy fifadian-kanina feno
fahafatesana tanteraka,
Tsy mamokatra afa-tsy habibiana izy,
Mpanao didy jadona mahery vaika sy mamono
Ka manary any anaty lavaka.

10-
Niaraka tamin'ny fifadian-kanina
Dia afaka nitazona ny fahadiovany i Adama,
Saingy, tsy miaraka tamin'ny hoe: "Hifady
hanina aho",
Dia nanimba ny tenany izy noho ny tsy
faharetany.
Raha tsy misy fifadian-kanina dia tsy
mamokatra voankazo
Mendrika fibebahana,
Mendrika ireo zava-tsoan'ny Paradisa sy ny
valisoany.

11-
Amin'ny alalan'ny fifadian-kanina sy ny vavaka
No andresena sy androahana ny demony
Sy ny fanahy mpanimba
Hoy ilay Mpanavotra an'izao tontolo izao.
Raha tsy misy fifadian-kanina dia tena resy
Noho ny tsy mety resy;
resin'ny loza mampihorohoro ihany isika ny
farany.

12-
Raha tsy misy fifadian-kanina dia
Ampijaliana sy ampatorian' ny alahelo,

Amin'ny alalan'ny fifadian-kanina kosa dia
Dia voaro sy feno haravoana.
Ny fifadian-kanina sy ny fifadiana rehetra dia
Elatra maivana
Mitondra am-pahamasinana
Ny fanahy mavesatra indrindra.
13-

Mandoro ny saina
amin'ny emboka mainty ny hena,
Ny fifadian-kanina kosa manome fisainana
mendrika,
Mandranitra ny fitadidiana,
Mampisinda ny haizina rehetra,
Mandroaka ny loto rehetra,
Izany hoe mahita ny marina rehetra
Eny fa na dia ao anaty haizimbe aza.

14-
Manana fahefana ny fifadian-kanina
Mamelombelona ny heriny!
Manome fahafahana tanteraka
An'ireo fanahy voageja izy,
Mametraka ny fanahy amin'ny finoana izy,
Sy ny fo amin'ny lelafo,
Mametraka ny olona manontolo amin'ny
lalàna izy
Sy ny vatana rehetra amin'ny fanahy.

15-
Fantaro fa ny vatan'ny voaheloka
Dia vatana hatavezina,
Fa ny vatan'ny voatokana dia
Vatana Alana tavy.
Ny fifadian-kanina manala amin' io biby io,
Ilay biby mamono,
Ny fomba hamparariana
An'ny fanahy tsy mety maty.

16-
Ny vatana tena mahia sy maina dia
Tsy mahazo aina
Izay mitondra ny olona rehetra any amin'ny
fahotana,
Na tsy misy hafa maka fanahy azy aza.
Raha ny marina, ny fifadian-kanina dia
manalavitra
Ny faniriana maloto,
Manaingo ny olona fahadiovana
Ao amin'ny vatana sy ny fanahy.

17-
Ny fahatedan-kanina dia nandoza,
Olona maro mahonena
Ny ady dia namono fahavalo mampitahotra.

Ireo razantsika, izay mifady hanina matetika dia

Mandroaka ny aretina,

Ary isika, izay zara fa mifady hanina ankehitriny,

Dia manafohy ny fianantsika.

18-

Ny faneken'ny dokotera tsara

Na mpahay fanafody,

Tsy misy fanafody mihitsy raha tsy

Fifadian-kanina manavotra.

Mihinana sakafo tsara, na amin'ny fombampanajana manao ahoana,

Amin'ny alina aza mihinana velively.

Dia ho velona maharitra amim-pitokiana toy ireo razantsika.

19-

Ireo izay rehetra an'i Jesoa kristy

Dia mamola-tena amin'ny zavatra rehetra,

Mifady hanina amin'ny vatana, mifady amin'ny saina,

Mifantsika lalandava;

Fa ireo voaheloka dia mandeha amin-kitsim-po amin'ny

Fampirafesana;

Ny iray mamo, ny hafa mimamo ,

Tsy tia afa tsy ny kibo izy ireo.

20-

Mifadia hanina, saingy mifadia araka ny tokony ho izy;

Ny fifadiana tsy misy fitandremana,

Tsy mahafaly mandrakariva an'ilay Avo,

Tsy misy valisoa na inona na inona.

Mamolaka mpifady hanina ny demony;

Mpifady mpihatsara-velatsihy

Izay voafitaka, mpamitaka

Ary tsy mendrika inona na inona.

21-

Mifadia amim-pahenterana,

Mandinika tsy an-kizara

Ny hamaroana, ny hatsarana,

Araka ny hevitra ny hendry,

Araka ireo didy masin'ny Eglizy sy

Andriamanitra ihany,

Ny sasak'alina, ireo vanim-potoana efatra,

Miaraka amin'ny karemy iray manontolo.

22-

Mifadia amim-panetren-tena

Tsy aseho ivelany ny asa atao,

Mitandrema tena amin'ny fihamboana,

Aza mifady mba hampahafaly.

Miafena araka izay vitanao;

Sasao ny tarehinao.

Ny fifadian-kanina rehetra izay hataonao:

Feno fahasoavana io fifadiana io.



23-

Mifadia tsy amim-tsitrapo manokana,

Satria ny Tompo manohitra fa

Rehefa ny fifadian-kanina no ampihatana dia,

Tsy tiany sy ankahalainy izany;

Ary na inona na inona miendrika fahatsarana

Eo imason' ireo zavaboary,

Dia an'ny demony avokoa

Ary fakofako fotsiny ihany, rehefa halalinina.

24-

Mba hifadiana hanina amim-pilaminana dia

Araho ny fankatoavana;

Marika iray lehiben'ny fahamasinana izany,

Marika iray lehiben'ny fahamailona.

Ny fifadian-kanina amin'ny alalan'ny hevitrin'ny hafa dia

Misy dikany tsara kokoa

Noho ny arivo isa izay tsy anarahatsika

Afa-tsy ny lalantsika manokana.

25-

Aoka hataontsika amin'ny fahasoavan'

Andriamanitra izany

Mba hampamendrika azy,

Raha tsy izany dia zara raha ho mendrika izy.

Na tsy hisy voninahitra mihitsy.

Mifadia amin'ny fahotana rehetra ianareo:
Zava-dehibe io fifadiana io,
Tsy misy olona voasakatsakana amin'izany;
Afaka manao isika, ary tokony hanao.

26.

Na fifadian-kanina na fiadiana
Miampy vavaka,
Tsy adino ny fitiava-namana,
Sy ny fiatrana ny hafa.
Azonao vokatr'ireo
Fitahiana nihavao hatrany,
Ary amin'ny andronao farany,
Voninahitra tsy manan-para



27.

Na haratsiana na kilema,
Ny tena fanekena
Na misy zavatra hafa ilaina
Mifady hanina no takiana,
Mba ho fanonerana
Na ho fivalozana ihany koa ,
Mivavaha hatrany ,manomeza
Anananao amby ampy.

28.

Amin'ny fifadian-kanina , no handrenesako,
Fijaliana sy fehikibo
Fiandrasana sy fifehezan-tena ihany koa
Torimaso mafy tokoa.

Ireo no nataon'ireo Olomasina
Koa manaraha ny diany
Dia ho tahaka azy ireo ianareo, masina
Ary handray ny fahasoavany.

29.

Na hisaraka amin'ny Fanahin'Andriamanitra,
Na amin'ny nofo marefo:
Fanahy o, safidio, ny antonony,
Raha te ho sambatra anao
Sy hanana an'Andriamanitra ao aminao,
Ilay Fahendrena Mandrakizay,
Mionona ianao , fehezo mafy
Ny nofonao maditra.


30.

Inty aho, Tompo, olon-dratsy
Feno fahalemena
Ary sady nofo ihany koa,
Sy marefo .
Rariny loatra raha mpanota
No mamaly faty sy voasazy :
Indro aho manolon-tena, manolotra ny foko
Ho sorona ho Anao.



31.

Te hiambina , hifady hanina, hivavaka aho
Amin'ireo andro sisa iainako
Mba ho sorona ho Anao
Ry Hostia Masina loatra.
Meteza , Tompo, meteza hanamasina
Ity tolotra velona ,
Meteza na aiza na aiza hanohana ahy
Amin'ny Fahasoavanao mahery.
ANDRIAMANITRA IRERY ■



**«Indro aho manolon-tena, manolotra ny foko
Ho sorona ho Anao»
C 16,30**